INONA NO ATAO HOE KOPERATIVA?

TOROLALANA HO AN'NY TANTSAHA

FTM / CPM
FIRAISANKINAN'NY TANTSAHA ETO MADAGASIKARA
COALITION PAYSANNE DE MADAGASCAR

FRIEDRICH EBERT STIFTUNG

INONA NO ATAO HOE KOPERATIVA?

TOROLALANA HO AN'NY TANTSAHA

Mpanoratra:

Andriaharivola Reine Ramananjanahary

&

Tsirisoa Nantenaina Rakotonimaro

Mpanatontosa:

Firaisankinan'ny Tantsaha eto Madagasikara / Coalition Paysanne de Madagascar (FTM/CPM),

niaraka tamin'ny Friedrich-Ebert-Stiftung (FES)

Mpandrindra : Jean-Aimé A. Raveloson

Antananarivo, jolay 2010

Teny fanolorona

Ny «Firaisankinan'ny Tantsaha eto Madagasikara» na ny «Coalition Paysanne de Madagascar» FTM/CPM, dia sehatra iray ivondronan'ny fikambanana tantsaha vaventy, salantsalany sy madinika eto Madagasikara. Niforona tamin'ny volana novambra 2001 izy. Ny fikambanana tantsaha nanorina azy dia ny FEKRITAMA, ny FTMTK, ny RAFA ary ny TITEM. Manana mpikambana manerana ny faritra 22 eto Madagasikara ny FTM/CPM.

Tato anatin'ny 5 taona izao, dia nivoy sy namporisika ny fananganana kôperativa ny FTM/CPM tamin'ny alalan'ny atrikasa natao manerana ny faritra 22. Ny kôperativa mantsy raha toa ka mandeha tsara dia fomba iray azo antoka fa hampivoatra ny fiainam-pianakaviana tantsaha sy hampitombo ny harin-karena isan-tokan-trano. Izany dia mifanindran-dalana amin'ny vina banjinin'ny FTM/CPM hatrany amin'ny taona 2006, dia ny fametrahana "ny Fiandrianana Ara-tsakafo" eto Madagasikara. Tsy inona izany fa ny fahazoan'ny tantsaha ny zony sy ny fivelomana mendrika eo amin'ny lafim-piainana rehetra: sôsialy, kolotoraly, toekarena ary pôlitika. Ny hisian'ny fivelomana mendrika eo anivon'ny isam-pianakaviana no tanjona amin'ny alalan'ny fanatsarana ny famokarana isam-pianakaviana sy ny fiarovana ny zo sy ny tombontsoan'ny tantsaha.

Ny tantsaha, araka ny fijerin'ny FTM/CPM, dia mila manao ezaka haha-matihanina azy eo amin'ny lafiny famokarana, mba ho sahy hijoro amin'ny maha-tantsaha azy, ka ho mpamokatra mavitrika hampitombo ny harin-karena isan-tokan-trano sy eo amin'ny fiaraha-monina.

Ity boky torolalana ity dia fanoitra iray atolotry ny FTM/CPM entina manatratra ny tanjona ao anatin'izany vina napetrany izany, ka heverina fa hanampy betsaka ny tantsaha amin'ny fananganana sy fampandehanana ary fampiroboroboana kôperativa. Natao izy ity mba hahatonga antsika tantsaha tsy hiankindoha lalandava amin'ny mpampiofana, ary koa mba hialana amin'ny mety ho fanambakana isan-karazany.

Isaoran'ny FTM/CPM etoana ireo rehetra izay nifarimbona tamin'ny fanatontosana ity boky ity. Singanina manokana amin'izany Atoa isany Hery M. Rarojoson sy Toto Julien Malazarivo, ny teknisiana avy amin'ny Ministera isan-tsokajiny, ny kôperativa FIKOVA, ny mpikambana FTM/CPM Faritra Matsiatra Ambony ary ny tomponandraikitra eny anivon'ny tetikasa samihafa.

Randrianony Louis Raymond
Filoha Nasionalin'ny FTM/CPM

Laza votoatiny

1. Ny tombotsoa entin'ny kôperativa 7

2. Inona moa no atao hoe kôperativa? 9

2.1. Famaritana fohy 9
2.2. Sehatra iasan'ny kôperativa 10
2.3. Ny firafitry ny kôperativa 17
2.4. Ny tontolo manodidina ny kôperativa 27

3. Dingana efatra fananganana kôperativa 34

4. Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa 53

4.1. Ny Fitsipika Anatiny 53
4.2. Ny maha-mpikambana anaty kôperativa 55
4.3. Ny olona ampiasain'ny kôperativa 59
4.4. Ny komity mpanara-maso ny Fandaniana 60
4.5. Ny lafiny sosialy eo anivon'ny kôperativa 62

5. Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa 63

5.1. Ny loharanom-bolan'ny kôperativa 63
5.2. Ny renivolan'ny kôperativa 64
5.3. Fitsinjarana ny ambim-bava na ny fatiantoka 65
5.4. Ny fitanana kaonty 66
5.5. Ny fitantanana ny fitaovan'ny kôperativa 69

6. Ny fampivondronana kôperativa 71

Fanafohizan-teny 75

1 Ny tombontsoa entin'ny kôperativa

Ny kôperativa dia :

- mampitombo ny vola miditra avy amin'ny fivarotam-bokatra.
- manome fitaovana azon'ny mpikambana ampiasaina.
- hahazoana mifehy tsaratsara kokoa ny famokarana sy ny fivarotana ny vokatra.
- ahazoana mifehy ny fiovaovan'ny vidim-bokatra.
- mampihena ny masonkarena eo amin'ny asa famokarana (vidin'ny akora sy fitaovana).
- mizara ambim-bava arakaraky ny renivola napetraka sy ny anjara asa natao.
- hahazoana tombontsoa hatrany na dia tsy mametraka vola be ho anjara biriky amin'ny renivola aza ny mpikambana.

Ny mpikambana anaty kôperativa dia:

- mandray anjara amin'ny fiofanana momba ny fitantanana sy famokarana, ary ny lafiny fanabeazana olom-pirenena.
- miditra amin'ny sehabola ifanohanana na koa ny firaisan'antoka.
- Afaka miantoka bebe kokoa ny fahatsaran'ny vokatra sy ny fandraharahana.
- afaka miaro ny zony amin'ny alalan'ny firaisankinan'ny mpikambana.

Azo atao ny miditra ho mpikambana amin'ny kôperativa roa na maromaro izay tsy mitovy sehatrasa iasana.

Ny kôperativa ihany koa dia:

- mety mahazo fanalefahana hetra,
- afaka manao fangatahana tany,
- ary afaka mampiasa fitaovam-panjakana (toy ny trano, sns.),
  rehefa mahavita tatitra isan-taona mikasika ny fitantanana ara-bola sy ara-moraly ny asa vitany aorian'ny fanamarinana ataon'ny tomponandraiki-panjakana.

Vokatr'izany dia miakatra ny fari-piainan'ny mpikambana anaty kôperativa!

Eo anivon'ny fiaraha-monina kosa ny kôperativa dia:

- manatsara ny fanapariahana ny vokatra mandritran'ny fitobahan'izany eny an-tsena, mampirindra ny famokarana sy ny tsenam-bokatra.
- mampisy fizarana traikefa momba ny famokarana manara-penitra sy ara-teknika eo amin'ny tantsaha manodidina.
- manome lanja ny soatovina malagasy: fihavanana sy firaisankina.
- miaro ny zon'olombelona.

Vokatr'izany dia mivoatra sy milamina ny fiaraha-monina misy kôperativa!

2 Inona moa no atao hoe kôperativa?

2.1. Famaritana fohy

Ny kôperativa dia:

- Fikambanana fehezin'ny lalàna n° 99-004 tamin'ny 21/04/1999
- Fikambanana miendrika orinasa, manaja ireto fenitra ireto:
  - firotsahana ankalalahana ho mpikambana,
  - fanekena an-tsitrapo hanatratra tanjona iraisana,
  - fiaraha-mitantana sy fifanaraha-maso,
  - fizarana tamberim-bidy araka ny asa vitan'ny mpikambana tsirairay,
  - "mpikambana iray, vatom-pifidianana iray"
  - tsy manavaka ara-pôlitika, ara-pinoana na ara-pihaviana,
  - ny miralenta,
  - fifampitaizan'ny samy mpikambana,
  - "sady mpanapa-kevitra no mpanatanteraka"

Ny kôperativa ihany koa dia :

- Miorina amin'ny toerana, na faritra na firenena iray.
- Fikambanana mizaka ny zo aman'andraikitra.
- Itondran'ny mpikambana ampaham-bola mitovy mba hananganana ny renivola ary eken'ny mpikambana ny hizaka ny fantiantoka sy hizara ny tombontsoa ara-drariny.

2 Inona moa no atao hoe kôperativa?

2.2. Sehatra iasan'ny kôperativa

Zava-dehibe tsy azo atao ambanin-javatra ny mamantatra ny asa iandraiketan'ny kôperativa mialohan'ny irosoana amin'ny fananganana.

Noho izany dia fantarina mazava tsara ireto manaraka ireto:

Ny tanjona tian'ny mpikambana ho tratrarina :

Mamokatra, manodina, mivarotra,

manorina sehatra fitahirizam-bola sy fampidramam-bola ho an'ny tantsaha,

manome tolotr'asa ho an'ny tantsaha (fitaterana, fiantohana ny tantsaha sy ny famokarany, fampanofana fitaovam-pamokarana),...

Ny zotram-pihariana iasana, Ohatra:

- Famokarana inona? Fambolena, fiompiana, ala, jono, asa-tanana, fitrandrahana harena an-kibon'ny tany (faritana ihany koa ny karazam-bokatra iasana) ve? Fambolena katsaka, fiompiana trondro, fanamboarana tsihy, fambolena ravintsara, sns. ve ohatra?

- Manodina ve?: vokatry ny fambolena, sa fiompiana, sa jono, sa asa-tanana, sa hazo, dia: manodina voankazo ho ranomboankazo, sa ho kaonfitira ve ohatra?
- Manangom-bokatra sy mivarotra ve? Manangona ny voatabia vokatra ao an-tanana ka mikaroka tsena ho an'izany eny anivon'ny hôtely vaventy na orinasa vaventy na alefa eny anivon'ny faritra hafa ve ohatra?
- Mivarotra fitaovam-pamokarana ve? Manao fifanarahana amin'ny orinasa mpamokatra zezika mba hahazoana vidim-bokatra mora kokoa, mifampiraharaha amin'ny mpamokatra angadin'omby, sns. ve ohatra?
- Manome tolotr'asa ho an'ny tantsaha ve? Fitaterana, fiantohana ny tantsaha sy ny famokarany, fampanofana fitaovam-pamokarana ve ohatra?

Ny drafi-pihariana matipaika (business plan) ho fampandehanana ny kôperativa ao anatin'ny taom-pamokarana iray.

Misy fanontanina vitsivitsy itadiavam-baliny ireto, rehefa mamolavola drafi-pihariana:

- ## Mombamomba ny tetikasa

  - Inona no antony hanaovana ny tetikasa?
  - Inona no tiana ho vokarina?
  - Inona no antony nisafidianana ny vokatra?
  - Misy ve lalana mifehy manokana ny asa famokarana, na ny momba ny varotra na ny momba ny vokatra manokana?

- ## Mombamomba ny tsenam-bokatra

  - Firy kilao na litatra ny vokatra vinavinaina hiakatra isam-bolana na isan-taona? Ohatrinona no vinavinainy hamarotana azy?
  - Manao ahoana ny fiovaovan'ny vidim-bokatra aloha sy aorian'ny nananganana ny kôperativa?
  - Iza avy no mpanjifa ny vokatra? Firy eo ho eo ny isany? Fa nahoana no izy ireo no mpanjifa nofidiana?
  - Inona daholo no tetikasa mitovy amin'ny kôperativanao? Jereo hoe inona no tena hery sy fahalemen'izy ireny tsirairay avy?
  - Avy aiza ny vokatra tianao hamidy na vokarina (farito ny toerana sy ny vokatra isan-tokantrano)? Ahoana no hifehezanao ny vidin'entana?
  - Aiza sy ahoana no fomba hanapariahanao ny vokatra izay noeritreretina? Ahoana ny paikady hamantaran'ny olona anao sy ny vokatrao?

- Mombamomba ny fitaovana

  - Aiza ny toerana hanaovanao ny asa (farito ny toeram-pamokarana na toeram-pivarotana, na toerana hanangonana ny vokatra)?
  - Inona daholo ny fitaovana ampiasaina (farito anaty lisitra ahitana ny anaran'ny fitaovana sy ny marika momba azy, ny daty nividianana azy, ny hatsarany ary ny mety ho sandam-bola hamerenana azy isan-taona farafahakeliny)?
  - Iza daholo ny olona miasa na mandray andraikitra ao anatiny (farito avokoa ny anjara asan'izy ireo tsirairay avy)?
  - Firy ny vinavinam-bokatra mety hiakatra isam-bolana na isan-taona (kilao na litatra)? Ohatrinona no mety ho vinavina hivarotana azy?

- Mombamomba ny kajy ara-bola

  - Modelina Fisy ampiasaina amin'ny fitantanam-bolan'ny kôperativa ao anatin'ny telo taona

	Fanom bohana	Taona 1	Taona 2	Taona 3
Vola ilaina				
Vola natokana ho famatsiana : - Sandam-bola fananganana ny tsena - Sandam-bola fanofanana -Sandam-bola fananganana -Hafa (faritana)				
Sandan'ny fitaovana : -Tany -Trano - Fifindrana toerana - Fiara fitaterana - Fitaovam-birao - Latabatra sy seza, - Fanatanterahana afisy sy fampahafantarana samihafa,				
Vola napetraka ho tahiry indindra ho antoka amin'ny findramam-bola (raha misy ny findramam-bola)				
Famerenana ny renivola nindramina				
Vola ilaina amin'ny fampandehanan-draharaha - Vola fananganana - Fitomboan'ny vola mandritran'ny taona 2 sy 3				
TOTALY VOLA ILAINA				
Loharanom-bola				
Loharanom-bola avy ao anatiny - Anjara biriky tsy maintsy aloa eo am-pirotsahana - Anjara biriky fampandehanan-draharaha - Latsak'emboka - Sandan'ny anjara biriky vokatra na fitaovana -Vola nindramina tamin'ny fianakaviana tsy misy zanany				
Vola nindramina -Tamin'ny banky -Tamin'ny sehatra mpampindram-bola madinika -hafa (farito)				
Fanampiana na famatsiana				
TOTALY LOHARANOM-BOLA				

- Modelina kaontim-bola antsipirihany ao anatin'ny telo taona

	Taona 1	Taona 2	Taona 3
Vola miditra momba ny vokatra (Totaly) :			
- Sandan'ny vidim-bokatra - Famatsiana momba ny vokatra			
Vola mivoaka (Totaly) :			
Fividianana : -Vokatra na masomboly na zezika - Fitaovana fitahirizana ny vokatra			
Hafa : - Karama momba ny fikarakarana samihafa (mpiasa manadalo) - Hofam-pitaovana sy hofan-trano -Fikarakarana ny fitaovana sy fanamboarana (trano, sns) - Fitaovana tsy mitoetra : rano, gazy, herinaratra, fitaovam-birao - Fianntohana momba ny trano, ny fiara sy ny fambolena na ny olona - Sandan'ny fanofana sy ny atontan-taratasy - Fampahafantarana (publicité) - Fitaterana, sandan'ny valink'asa na fanamarinam-pahatongavana - Sandan'ny fifandraisana sy ny sersera : paositra, telefaonina			
Hetra sy haba			
- Karaman'ny mpiasa raikitra - Fitsinjovana ara-stosialy ny mpiasa raikitra			
Vola nindramina sy ny zana-bola			
Tombom-barotra na fatiantoka			

➢ Fisy momba ny fiodinan'ny vola isam-bolana

Asa	Volana 1	.....	Volana 12
1.Vola ananana eo am-panombohana (Totaly)			
Ivelan'ny asa : - Anjara biriky - Vola nindramina (raha misy) - Fanampiana (raha misy) Ao anatin'ny asa: - Vidim-bokatra			
2.Fandaniana ara-bola (Totaly)			
Ivelan'ny asa : - Famerenam-bola nindramina ara-potoana - Fividianana fitaovana (immobilisations) Ao anatin'ny asa : - Fandoavana ny vidin'entana mba ho fampiasa an-davan'andro, ny vidim-bokatra, ny vidin-drano sy jiro nampiasaina, sns - Fandoavana ny hofan-trano - Fandoavana ny hetra isan-karazany - Karaman'ny mpiasa - Saram-panofana fitaovana na fitaterana			
Tombom-barotra isam-bolana	**=1 - 2**		

2 Inona moa no atao hoe kôperativa?

2.3. Ny firafitry ny kôperativa



Ny mpikambana ao amin'ny kôperativa.

- Inona no andrasana amin'ny mpikambanana tsirairay?

  - Mandray anjara amin'ny Fivoriambe.
  - Mifidy sy mirotsaka ho fidina, araka ny fepetra voafaritry ny Sata.
  - Mifampizara ny tombontsoa omen'ny kôperativa.
  - Mahafantatra ny fandehan-draharaha ao amin'ny kôperativa.
  - Manefa ny latsakemboka voafaritra.
  - Manefa ny anjarabiriky voafaritra.
  - Mandray anjara amin'ny hetsiky ny kôperativa.
  - Manaja ny Sata sy ny fitsipika anaty ary ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe.
  - Manaiky ny tolotr'asa ataon'ny kôperativa, amin'izay asa mety ho azony tanterahana manontolo, na amin'ny ampahany.
  - Mitandro ny fananan'ny kôperativa

- Iza no miantso Fivoriambe?

  Ny Filohan'ny filankevim-pitantanana no miantso ny Fivoriambe,
  na araka ny fangatahana ataon'ny antsasa-manilan'ny Filankevi-pitantanana,
  na araka ny fitakiana ataon'ny am-pahatelon'ny mpikambana rehetra voasoratra ara-dàlana ao amin'ny kôperativa.

- Inona no atao raha toa ka tsy tratra ny taha-pahatongavan'ny mpikambana (quorum) tamin'ny fiantsoana voalohany?

  Antsoina fanindroany indray ny Fivoriambe araka izay fepetra voafaritra ao amin'ny fitsipika sy sata. Azo tanterahana ny Fivoriambe raha tonga manatrika ny antsasa-manila mihoatra ny isan'ny Mpikambana voasoratra ara-dàlana.
  Atao farafahakeliny indray mandeha isan-taona ny Fivoriambe. Tsy mandray anjara amin'ny fifidianana ny mpikambana ao anatin'ny Filankevi-pitantanana raha toa ka ny tatitra ara-bola no hankatoavina.

- Inona no asa ataon’ny Fivoriambe Ara-potoana?

- Mamaritra ny sori-dàlana sy ny politika ary ny fandaminana ankapobeny.
- Mankato ny teti-bolan’ny taom-piasana.
- Mijery sy mandany ny tatitra nataon’ny mpitantana momban’ ny asa sy ny vola.
- Mankato ny asa notanterahan’ny Filankevi pitantanana.
- Mametra ny zana-bola ateraky ny renivola.
- Mamaritra ny fizarana ny tamberim-bidy.
- Mandany na manaisotra ny mpitantana amin’ny toerany.
- Manamafy ny fidirana, ny fanesorana ary ny fampiharana sazy amin’ny Mpikambana.
- Mandany sy manova ny Fitsipika Anaty,
- Mampitombo ny fotoam-pisian’ny Kôperativa.

- Inona no atao hoe Fivoriambe Tsy ara-potoana?

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia Fivoriambe atao amin'ny fotoana tsy voafetra ka handinihina ireto lafin-javatra manaraka ireto:

- Famerana ny zana-bola ateraky ny renivola.
- Fanovana Sata
- Fampitambarana amin'ny kôperativa hafa
- Fahavakisan'ny kôperativa
- Faharavan'ny kôperativa
- Fanohizana ny fe-potoana iasan'ny kôperativa
- Zavatra hafa maika mikasika ny fiainan'ny kôperativa

Azo tanterahina ny Fivoriambe Tsy ara-potoana raha mahafeno ny roa am-pahatelon'ny mpikambana voasoratra ara-dàlana ny isan'ny mpivory.

Ny filankevi-pitantanana.

- Iza no mety hatao mpikambana ao amin’ny filankevi-pitantanana?

  - mpikambana feno 21 taona no ho miakatra
  - (amporisihana manokana ny tanora sy ny vehivavy)
  - olom-pirenena malagasy
  - manana zo isam-batan'olona eo anatrehan'ny Fanjakana
  - tsy mbola voan'ny sazy manala zo ahazoana mitondra fikambanana
  - mahafeno ny fepetra voafaritry ny Sata, nahefa tanteraka ny anjara vola fandrotsaky ny Mpikambana
  - mahay mamaky teny sy manoratra raha mbola azo atao
  - mahay mitarika olona sy fivoriana
  - mahay mandresy lahatra
  - mailaka sy entitra amin’ny fanapahan-kevitra

Inona no andraikitry ny filankevi-pitantanana?

- Mitantanana ny raharahan'ny kôperativa araka izay notapahia'ny Fivoriambe;
- Manapaka vonjimaika ny fandraisana na fandroahana mpikambana mandra-pivorian'ny Fivoriambe manaraka;
- Mampihatra ny sazy voalazan'ny fitsipika ifampifehezana;
- Mitantana ny mpiasan'ny kôperativa;
- Mamolavola isan-taona ny teti-bola izay aroso ho ankatoavin'ny Fivoriambe;
- Manolotra eo anatrehan'ny Fivoriambe ny tatitry ny asa natao sy ny vola;
- Mamolavola ny Fitsipika Anaty izay aroso ho ankatoavin'ny Fivoriambe;
- Misolo tena ny kôperativa eo anatrehan'ny fanjakana sy fikambanana na olon-kafa ifampiraharahana.

Ahoana no firafitry ny filankevi-pitantanana?

- farafahakeliny dia misy mpikambana telo (03) ao aminy, ka ahitana: Filoha mpitarika, Mpitambola ary Mpitantsoratra;
- raha be indrindra dia roambinifolo (12) ny mpikambana ao aminy;
- mivory indray mandeha isan-telo volana farafahakeliny ny filankevi-pitantanana;
- tsy mihoatra ny efa-taona ny fe-potoana iasany.

Ny filoha mpitarika ny kôperativa.

(na filoha lefitra mpisolo toerana azy)

- Inona no asa aman'andraikiny?

- Mampiantso sy mitarika ary mandrindra ny fivorian'ny Filankevi-pitantanana sy ny Fivoriambe.
- Tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana sy ny fanaraha-maso ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe, sady misolo tena ny fikambanana amin'ny fitsarana na manoloana ny fanjakana sy ny orinasa na ny fikambanana miara-miasa amin'ny kôperativa.

- Mpikambana manao ahoana no tsara atao filoha?

- Olona tò-teny
- Olona tia karokaroka
- Olona vonona hiaro ny tombontsoan'ny kôperativa
- Olona sahy mijoro sy mandray andraikitra
- Olona mahay mihaino ny hafa sy tia mifandray aman'olona

- Inona no asa aman'andraikiny?

- Manao ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana sy mitahiry ny antontan-taratasy rehetra ny fikambanana
- Mitana an-tsoratra sy mampita ny taratasy rehetra alefan'ny fikambanana
- Mampita ny vaovao rehetra amin'ny mpikambana sy ny Filankevim-pitantanana rehetra

- Olona manao ahoana no tsara ho mpitantsoratra?

- Olona mahay mihaino sy mandray an-tsoratra
- Olona mahay mamintina sy mandravona ny hevitra
- Olona tia mifandray amin'ny hafa
- Olona mampita ny vaovao rehetra tsy misy tovona.

- Inona no asa aman'andraikiny?

- Mitahiry ny volam-pikambanana mipetraka eo am-pelatanany na any amin'ny banky sy ny bokim-bola ary ny taratasy rehetra momba izany.
- Manao Sonia ny taratasy famoaham-bola miaraka amin'ny Filoha
- Manao ny tatitra vola antsipirihany isaky ny fivoriana
- Manao ny tatitry vola ankapobeny amin'ny afisy ao amin'ny foiben-toerana

- Olona manao ahoana no tsara atao mpitahiry vola?

- olona mahay manao kajy
- olona azo itokisana
- olona tsy manao kolikoly

2 Inona moa no atao hoe kôperativa?

2.4. Ny tontolo manodidina ny kôperativa

Ny kôperativa sy ny rafitra ifandraisany.



Ny rafitra pôlitika sy ny kôperativa.

- Inona no antom-pisian'ireny rafitra ireny?

Mikaondoha momba ny fanatsarana ny tontolo ambanivohitra

- Inona no ilantsika azy ireny?

  - Hanao fanavaozana na fanitsiana ny politikam-panjakana momba ny tontolo ambanivohitra,
    indrindra fa momba ny kôperativa,
    raha toa ka heverintsika fa tokony atao izany.

Noho izany dia aza mihafahafa manatona
ny DRDR sy ny GTDR, ny CSA,
ny FTM/CPM Mpikambana eny anivon'ny faritra misy anao,
na koa ny Tranoben'ny tantsaha sns.

Ny tantsoroko teknika.
Ny mpiara-miombon'antoka amin'ny kôperativa.

- Inona no azon'ny kôperativa iarahana miasa amin'izy ireny?

  - Mampita haitaom-pamokarana ny kôperativa:
    - Ohatra : SAHA, ADRA, OPF, sns. Angataho eny an-toerana ny toromarika rehetra fangatahana fiara-miasa.
  - Manome na mampindrana vola sy manohana eo amin'ny lafiny teknika:
    - Ohatra: ny CSA eny anivon'ny distrika, ny PROSPERER, sns.
  - Manohana amin'ny fanoratana tany:
    - Ohatra: ny BIF eny anivon'ny kaominina, ny Sampandraharahan'ny fananan-tany eny anivon'ny faritra
  - Manofana sy manentana tantsaha teknisiana.

Ny fampindramam-bola amin'ny kôperativa.

- Inona avy no fepetra momba ny fampindramam-bola?

  - Mila manana antoka
  - Misy zana-bola aloa: 2% hatramin'ny 4% isam-bolana (arakaraky ny rafitra mpampindram-bola)
  - Takiana ny fananana tetikasa ho fandaniana ny vola nindramina sy ny tombatombana amin'ny tombom-barotra mba hahitana ny fotoana hahafahana mamerina ny vola.
  - Ny habetsaky ny vola indramina dia miankina amin'ny asa atao sy ny rafitra mpampindram-bola.
    - Ohatra: 10 000 000 Ar ao amin'ny OTIV raha toa ka hanao asa fambolena iraisana.
    - Raha mitady mihoatra an'io sandam-bola io dia any amin'ny Banky no mandeha.

Rafitra misahana ny fiarovana ny tontolo iainana.

- Inona no azon'ireny rafitra ireny atao?

  - Manome torohevitra maro samihafa toy ny fambolena biolojika, ny voly rakotra, ny fifandimbiasam-boly sns.
    - Ohatra: ny Sampandraharaha-mpanjakana misahana ny tontolo iainana eny anivon'ny faritra

  - Mety afaka mamatsy vola sy manome tantsoroka teknika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana.
    - Ohatra: tetikasa ONE, Fondation Tany Meva, PGDRN eny an-toerana sns.

- Inona no azon'ny mpikambana kôperativa atao?

Azo atao tsara ny mirotsaka ho isan'ny Vondron'Olona Ifotony na VOI, izay miaro ny tontolo iainana (toy ny tany, ny ala tapia, sns).

- Inona avy no raiketina ao anatin'ny taratasy fifanekena ara-barotra?

  - Anaran'ny tompon'andraikitra voalohany andaniny sy ankilany, miaraka amin'ny nomeraon'ny kara-panondro sy adiresy mazava, ny foiben-toerana, ny nomerao statistika
  - Ny lohahevitry ny fifanekena
  - Faneken'ny kôperativa hanolotra ny entam-barotra nifanarahana sy ny momba izany (lanjany, vidiny, daty, toerana,…)
  - Faneken'ny orinasa mpividy handoa vola
  - Fepetra samihafa mifehy ny tsifanajana ny fifanekena
  - Fametrahana antoka raha misy fifanaovana trosa
  - Toerana sy daty nanaovana ny fifanekena
  - Anarana sy sonian'ny tompon'andraikitra andaniny sy ankilany nanao ny fifanekena.

Fenitra sy fahatsarana.

- Inona no atao hoe fenitra?

  - Antotan-kevitra voarakitra an-tsoratra,
  - nifanarahan'ny ankolafin'olona voakasik'ilay vokatra na ilay sehatrasa,
  - nampiasana ary mifototra amin'ny fahaizana amam-pahalalana, ny traikefa ary ny fivoaran'ny siansa,
  - nankatoavin'ny Birao malagasy sy Birao iraisam-pirenena momba ny fenitra,
  - an-tsitrapo ny fanatanterahana azy.

- Inona no tombotsoa azo amin'ny fanaraham-penitra?

  - Antoky ny fahatsarana.
  - Mamaly ny filan'ny mpamokatra.
  - Fitaovana lehibe eo amin'ny takalo iraisam-pirenena.
  - Fiarovana ny mpanjifa.
  - Fototra iorenan'ny fepetra ara-teknika.

Imatimatesan'ny kôperativa ny fanatsarana hatrany ny asa atao. Laharam-pahamehana ny mamokatra manara-penitra mba hahitana lalam-barotra ka hahafahana mifaninana amin'ny hafa.

3 Dingana efatra fananganana kôperativa

Dingana voalohany

Fihaonana ifanakalozan-kevitra sy ifandresen-dahatra.

Inona no atao amin'izany fihaonana izany?

- mampahafantarana ny tombontsoan'ny kôperativa sy ny fomba fiasa ao anatiny
- mamaritra ny tanjona iraisana sy ny asa iombonana tiana atao
- manondro daty iray hanaovana ny Fivoriambem-panorenana

Iza no antsoina handray anjara amin'izany?

- Tantsaha feno 16 taona no miakatra ka manana fahazahoan-dalana avy amin'ny solontenany ara-dàlana (entanina maokana ny tanora sy ny vehivavy)
- Tantsaha mitovy seha-pihariana
- Tantsaha mitovy tanjona iombonana sy tombontsoa
- Tsy tokony miparitaka be ny toerana niavian'ny mpikambana mba hahafahan'izy ireo mianto-tena amin'ny fivoriana sy ny fitantanana ary fandaminana samihafa.

Ahoana no fomba anomanana ny fihaonana?

- Fantarina mialoha ny tanjona tiana hahatongavana: ho an'ny mpampivory sy ho an'ny mpivory.
- Faritana mialoha ny vokatra andrasana amin'ny faran'ny fivoriana.

Ahoana no fomba anatanterahina ny fihaonana?

- Ny besinimaro no manapaka ny hanatrarana ny vokatra andrasana amin'ny fivoriana.
- Faritana ny olana iainan'ny tsirairay manoloana ny foto-kevi-pivoriana.
- Miara-manolotra vahaolana azo ampiharina avy hatrany.
- Miara-manapa-kevitra
  - amin'ny alalan'ny tsangan-tanana (raha hevitra no fidiana)
  - na fifidiana miafina (raha olona no fidiana) mba hahafahana miroso amin'ny paikady fanatanterahana.
- Dinihana ny fomba fiasa: fanatanterahana ny asa sy ny fotoana faharetan'ny asa.

Ahoana no fomba itarihana ny fivoriana?

- Manao ny fiarahabana sy fisaorana amin'ny famaliana ny antso
- Manazava ny antom-pivoriana (lohahevitra sy ny tanjona)
- Mametraka miaraka ny fandaminana ankapobeny mandritry ny fivoriana: fampiasana finday, faharetan'ny fandraisam-pitenen an'ny tsirairay sy ny teknikam-panentanana ampiharina, fotoana iatoana na isakafoana, ora ifaran'ny fivoriana.
- Miroso amin'ny votoatin-kevitra: manazava ny tranga misy ny tantsaha mahatsiarotena ho voakasika.
- Entanina ny tsirairay mba hiteny.
- Izay manao resaka anjorony dia asaina mamoaka ny resaka nataony ho ren'ny besinimaro.
- Ireo izay tsy miteny mihitsy dia tononina ny anarany mba hiteny izy.
- Ny mpiteny matetika dia tsy omena fitenenana foana noho ny tsy fahampian'ny fotoana. Azo atao tsara ny manapa-teny ny olona raha toa ka hita fa mivoana amin'ny foto-kevitra izy; dinihana amin'ny fotoana manaraka ny resany.
- Ireo izay matory dia anontaniana azy ny resaka farany henony.
- Fintinina ny tolo-kevitra rehetra nisongadina, ka ezahana mba tsy hisy hevitra adino.
- Lazaina amin'ny mpivory ny mety ho tohin'ny fivoriana.

Fivoriambe enti-manorina ny kôperativa.

Inona no atao amin'izany Fivoriambe izany?

- Mamaritra ny sahanasan'ny kôperativa.
- Mamaritra ny tanjona iombonana.
- Mamolavola sy mandany ny Fitsipika Sata.
- Mifidy ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana.
- Mamaritra sady mitondra ny fitaovana sy ny vola ho enti-mihetsika eo am-panombohana.
- Mamaritra ny sandan'ny anjarabiriky izay zakan'ny mpikambana tsirairay.
- Mandrafitra ny anaran'ny kôperativa, ka tsy maintsy misy ny teny hoe "kôperativa" ao anatin'izany anarana izany.

Firy ny olona mandray anjara amin'io Fivoriambe io?

- Olona 7 farafahakeliny
- "Mpikambana iray, vatom-pifidianana iray"

Fanoratana ara-panjakana ny kôperativa.

Inona avy no antontan-taratasy ilaina amin'izany?

- Taratasy fangatahana
- Fitanana an-tsoratra ny Fivoriambem-panorenana
- Fitsipika fototra (mamaritra ny anarana, toerana, faritra iasana, fepetra rehetra maha-pikambana…)
- Lisitry ny Mpikambana sy ny anjara vola narotsany
- Lisitry ny Filankevi-pitantanana
- Lisitry ny olona nanatrika ny Fivoriambem-panorenana

Aiza no alefa ny fangatahana?

- Any amin'ny Sampandraharahan'ny firaketan-tsoratra, fa alefa eny amin'ny fokontany sy kaomina, ary faritra aloha.
- Ny Mpitantsoratry ny kôperativa no mandefa ny antonta-taratasy, ka atao dika sivy (9) mitovy ary orizinaly avokoa no alefa.
- Tsy misy saram-panoratana amin'izany!
- Ao anatin'ny dimy (5) andro no azo ny taratasy fanamarinana (certificat d'enregistrement).

Modelin-taratasy fangatahana ho fanoratana ara-panjakana ny kôperativa

Antananarivo, faha .....

Ho an'Atoa na Rtoa .....

ANTONY: Fangatahana ''Certificat d'Enregistrement''.

Tompoko,

Izahay manao sonia eto ambany dia nanangana kôperativa misahana ny ……..mitondra ny anarana hoe:……; afohezina hoe:……..izay manana foiben-toerana ao ……, Kaominina……, Faritra……..

Koa raisinay ho voninahitra ny mandefa aty aminao ny atontan-taratasy mikasika izany fananganana izany ary hanome anay ny ''Certificat d'Enregitrement'' voalazan'ny didy aman-dalàna ahazoanay mijoro araka ny lalàna velona avy hatrany.

Eo ampiandrasana ny valiny mahafa-po avy aminao, dia raiso tompoko, ny haja ambony atolotray anao.

Sonia

Ny Filoha

Modelin-taratasy ho fitanana an-tsoratra ny Fivoriambem-panorenana

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBEM-PANORENANA NY KÔPERATIVA ANTSOINA HOE :……

Androany faha…….. dia nivory teto…..…… ireo Mpikambana mpanorina ny Kôperativa antsoina hoe ‘’ ……..’’ izay fehezin’ny lalàna laharana faha 99-004 natao tamin’ny 21 Aprily 1999.

Ny fandaharam-potoana :
- Fankatoavana ny Fitsipika Sata (statuts)
- Fifidianana ireo Filankevi-pitantanana
- Fanendrena ny Mpanaramaso ny Fitantanana
- Famerana ny Anjara Birika tsy maintsy aloa (part sociale obligatoire)

Ny mpivory dia nifidy an’Atoa/Rtoa…….. hitarika ny fivoriana. Voatendry hitan-tsoratra kosa Atoa/Rtoa ……...

Rehefa novakin’ny mpitari-draharaha ny anaran’ireo Mpikambana Mpanorina ny kôperativa izay miisa….. , dia niroso tamin’ny fandaharam-potoana.

1° - Rehefa avy nodinihina sy nofakafakaina ny volavolam-pitsipika, dia nankatoavin’ny rehetra ho toy ny lalàna hifehy ny kôperativa izany.

2° - Araka ny andininy faha 22 ao amin’io fitsipika sata io, dia niroso tamin’nyfifidianana ny FilanKevi-Pitantanana, ka ireto avy ny lany tamin’izany :

- …….. Filoha
- ……..….Filoha lefitra
- …….. ……..….Mpitan-tsoratra
- ……. Mpitahiry vola
- …… . Mpanolotsaina

Ireo voafidy rehetra dia samy nanaiky ny andraikitra napetraka taminy.

3° - Araky ny andininy faha 30 ao amin’ny fitsipika ihany, dia voatendry ho mpanaramaso Atoa/Rtoa……..

4° - Tapaka fa noferana ho : ……..Ar ny Anjara Birika tsy maintsy hoefaina.

Eo ampanombohan’ ny fampandehanan-draharaha, dia samy nanaiky ny rehetra fa handray anjara amin’ny ho enti-manana izany.

Rehefa tapitra izay voarakitra tamin’ny fandaharam-potoana dia nirava tamin’ny……. ora ny fivoriana.

Ny Mpitantsoratra Ny Mpitaridraharaha

TOKO I

FEPETRA ANKAPOBENY

Andininy voalohany

Natsangan'ireo Mpikambana mpanorina, izay manaiky ity fitsipika ity, sy ireo izay eken'ny Fivoriambe hilatsaka amin'ny manaraka ny kôperativan'ny . . . . . manana Mpikambana sy renivola mety hiovaova, fehezin'ny lalàna laharana 99.004 tamin'ny 21 aprily 1999.

And.2 - Anarana

Ity Kôperativa ity dia mitondra ny anarana hoe: . . . . . , afohezina hoe . . . . . .

And.3 - Foiben-toerana sy faritra iasana

- Ny Foiben-toerana dia miorina ao : . . . . . .
- Ny faritra iasana dia manerana ny . . . . . .

And-4 - Faharetany

Noferana ho.....taona no faharetan'ny kôperativa . . . . . , raha tsy misy ny fanafoanana mialoha na fanalavana araka ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

And-5 - Zava-kendrena

Ity kôperativa…….. dia manana ireto tanjona manaraka ireto:

- Hanao izay hanamaivanana ny fanatanterahana ny asa hiandraiketana
- Fanatsarana ny fari-pahalalana sy ny fahaiza-manaon'ny Mpikambana tsirairay mba ho fanatsarana sy ho fiarovana ny asa fivelomany
- Famatsiana akora sy kojakoja ny Mpikambana
- Fahazahoana fitaovana iraisana na ho an'ny tsirairay

And 6 - Asa ataony

Ity kôperativa . . . . . dia mametraka ho asa lehibe ho tanterahina ny:

a) . . . . . (asa ataon'ilay Kôperativa)

b) . . . . . .

Ny asan'ny kôperativa dia azon'ny Fivoriambe tsy ara-potoana hovana, nefa dia tsy azo kasihina ny maha-kôperativa fehezin'ny lalàna manan-kery azy.

TOKO II
NY AMIN'NY MPIKAMBANA

And-7 - *Filatsahana*

Ireo izay mizaka ny zom-pirenena malagasy feno 18 taona, dia azo raisina ho Mpikambana rehefa mahafeno ireto fepetra ireto:

a) Manao ho anton-draharaha na manana tombontsoa ao amin'ny zava-kendren'ny kôperativa
b) Mahafantatra sy manaiky hofehezin'ireo fitsipika mifehy ny fikambanana
d) Manao fangatahana filatsahana
e) Mahazo fankatoavan'ny Fivoriambe
f) Mandrotsaka ny anjara biriky ……. Ariary nifanarahana
g) Tsy mbola Mpikambana amin'ny ***kôperativa hafa mitovy zava-kendrena sy faritra iasana.***

And.8 – Zon'ny Mpikambana

Manana zo mitovy ny Mpikambana rehetra manoloana ny:
- Firotsahana hofidina;
- Fandraisana anjara amin'ny Fivoriambe sy izay mety ho fanapahan-kevitra na fandatsaham-bato na fifidianana;
- Fandraisana izay mety ho tombontsoa omen'ny kôperativa.

And.9- Adidin'ny Mpikambana

Ho fampandrosoana ny fikambanana dia manana adidy ny Mpikambana tsirairay hankato ireo fitsipika sy fandaminana ary ny fanapahan-kevitra noraisin'ireo rafitra anaty, araka izay tandrify azy.

Araka izany ny Mpikambana tsirairay avy dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny asa sahanin'ny kôperativa.

And.10 - Famaizana

Ny fihetsika rehetra mety hanimba na hiteraka fahavoazana ho an'ny fikambanana, dia ho saziana avokoa; ny sazy dia miantomboka amin'ny fananarana ka mety hiafara amin'ny fandroahana na ny fanolorana ny raharaha eo amin'ny fitsarana arakaraka ny fahasarotany. Ny fitsipika anaty no hamariparitra ny fomba fampiharana ny famaizana.

And.11 - Fitsaharana tsy ho Mpikambana

Ny Mpikambana rehetra maniry ny hiala dia manao filazana an-tsoratra amin'ny filohan'ny kôperativa izay hanome taratasy fanamarinam-pandraisana ary entiny eo anatrehan'ny Fivoriambe hanomezana fankatoavana na fandavana.

Ny Filankevi-pitantanana dia afaka mandroaka vonjimaika ny Mpikambana iray na maromaro mandra-piandry ny Fivoriambe manaraka izay handray ny fanapahan-kevitra farany.

Ireo izay mitsahatra tsy ho Mpikambana, dia manan-jo hitaky ny anjara biriky narotsany. Homena fahafaham-po izy ireo raha toa ka tsy mampihena ny renivola ho latsaky ny antsasany izany. Raha toa ka mampihena ny renivola ho latsaky ny antsasany izany dia mihantona ny fanonerana ny anjara biriky. Marihina fa ny famerenana ny anjara biriky dia tsy azo atao raha tsy amin'ny fifaranan'ny taom-piasana ihany.

Ny fitsaharana tsy ho Mpikambana, dia tsy mahafoana ny andraikitra vola tokony ho zakain'ny miala na nesorina, andraikitra nateraky ny fifanarahana nataon'ny vondrona kôperativa nandritra ny fotoana mbola naha-Mpikambana ireo nitsahatra. Io andraikitra vola io anefa dia tsy tokony hihoatra ny in-dimin'ny anjara vola izay narotsaka.

TOKO III
RENIVOLAM-PIKAMBANANA

And.12 - Renivola (capital)

Ny fitambaran'ny anjara biriky voarotsaka no mamorona ny renivolam-pikambanana voalohany ho: . . . . . .

Ny renivola dia mety hiovaova noho ny :
- filatsahan'ny Mpikambana vaovao
- fandatsahana anjara vaovao
- fampitomboana ny anjara biriky iray
- fialana na fitsaharana miteraka famerenana ny anjara vola.

And.13 - Anjara biriky (part sociale)

Ny Fivoriambem-panorenana dia mametra ny anjara biriky tsy maintsy efaina ho . . . . . ny iray. Ny Mpikambana tsirairay dia afaka mandrotsaka anjara biriky maromaro kanefa kosa dia tsy afaka mitazona anjara biriky mihoatra ny antsasaky ny renivola ny fitambarany.

Ny anjara biriky dia misoratra amin'izay nandrotsaka azy ary tsy azo hafindra izany raha tsy amin'ny alalan'ny fandovana irery ihany.

And.14 - Ny loharanom-bolan'ny Kôperativa

Toy izao avy ny loharanom-bolan'ny Kôperativa:
ny saram-pirotsahana
ny anjara renivola
ny fisamborana atao
ny vokatra avy amin'ny asan'ny Kôperativa
ny fanomezana fiasana na fitaovana
ny loharanom-bola rehetra tsy mifanohitra amin'ny zava-kendrena sy ny fototra ijoroan'ny Kôperativa.

TOKO IV
RAFI-PITANTANANA

And.15 - Ny rantsa-mangaikan'ny Kôperativa

Ireto avy no rafitra anaty ao amin'ny kôperativa :
- Ny Fivoriambe
- Ny filankevi-pitantanana.

And.16 - Ny Fivoriambe

Ny Fivoriambe no rafitra fara-tampony amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ho an'ny kôperativa. Izy no fivorian'ny Mpikambana rehetra mahafeno ireo fepetran'ny kôperativa ary voasoratra ara-dalàna ao amin'ny bokin'ny Mpikambana.

Mivory ara-potoana sy tsy ara-potoana ny Fivoriambe.

And.17 - Ny andraikitry ny Fivoriambe

Ny fivoriambe ara-potoana dia mandray fanapahan-kevitra mikasika ny soridalana sy ny fandaminana ankapobeny ary ny fomba fiasan'ny kôperativa.

Ankoatr'izany dia andrakitry ny fivoriambe ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:

- Fandaniana ny fitsipka anaty ;
- Fifidianana ireo Mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanana sy izay ho filohany.
- Famerana ny tambin'asa ho an'ny Filankevi-pitantanana
- Fanekena na fandroahana Mpikambana ;
- Fankatoavana ny vinavinan'asa kasaina hotanterahina mandritry ny taona vaovao sy mametra ny vola ho enti-manana izany;
- Fankatoavana ny kaontim-pitantanana.

Ireo fepetra ireo dia tsy famerana akory fa fanondroana fotsiny ihany.

And.18 - Fepetra ho an'ny Fivoriambe

Mivory indray mandeha isan-taona fara-faharatsiny ny fivoriambe ara-potoana araka ny fiantsoan'ny filoha.

Azon'ny antsasaky ny Mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana na ny 1/3-n'ny Mpikambana amin'ny kôperativa atao ny mangataka fivoriambe. Afaka manapakevitra ny fivoriambe rehefa mahafeno ny antsasaky ny Mpikambana voasoratra anarana no tonga manatrika.

Ny Mpikambana tsirairay dia afaka manome fahefana (procuration) Mpikambana iray hisolo-tena azy mandritra ny fotoam-pivoriana. Marihina fa ny Mpikambana iray dia tsy afaka mitondra afa-tsy fanomezam-pahefana iray ihany.

Manankery ny fanapahan-kevitra rehefa ny antsasa-manilan'ny manatrika no mandany azy. Tazonina an-tsoratra ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe ara-potoana ka soniavin'ny Filoha sy ny Mpitantsoratra. Raiketina ao amin'ny rezisitra manokana ny fitanana an-tsoratra ny Fivoriambe

And.19 - Fivoriambe ara-potoana

Ny Fivoriambe ara-potoana voalohany amin'ny taona, dia hantsoina ao anatin'ny TELO VOLANA manaraka ny fiafaran'ny taom-piasana. Mandritra izany fivoriana izany no hanaovan'ny Filankevi-pitantanana ny tatitra mikasika:

- ny fizotry ny asa nandritra ny taona
- ny fitantanana (vola) sy ny fankatoavana ny kaontin'ny kôperativa (quitus).

And.20 - Fiantsoam-pivoriana

Ny fiantsoana ny Fivoriambe iraiketan'ny fandaharam-potoana, dia zaraina isam-batan'olona (Mpikambana) folo andro alohan'ny andro voatondro hivoriana.

Ny fiantsoana faharoa raha tsy feno ny isa tsy maintsy tratrarina amin'ny voalohany dia atao folo andro ao aoriana, ka afaka manapa-kevitra na firy na firy Mpikambana tonga.

Raha misy tsy fahafahan'ny Filoha manao ny fiantsoana ny fivoriambe dia azon'ny Filan-kevi-pitantanana atao ny manendry Mpikambana iray ao aminy hanatanteraka izany fiantsoana izany.

And.21 - Ny Fivoriambe tsy ara-potoana

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia antsoina manokana mikasika ny :

- fanamboarana ny fitsipika sata (statuts)
- fitambarana amin'ny kôperativa hafa
- fivakisan'ny kôperativa
- fanalavana ny fe-potoana iasany
- fandravana (dissolution).

And.22 - Fepetra momba ny Fivoriambe tsy ara-potoana

Ny fepetra rehetra mikasika ny fiantsoana dia araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-18

Marihina anefa fa tsy manapa-kevitra ny fivoriambe tsy ara-potoana raha tsy ny 2/3 ny Mpikambana voasoratra anarana no tonga manatrika amin'ny fiantsoana voalohany. Ny fiantsoam-pivoriana dia manaraka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-20.

And.23 - Ny Filankevi-pitantanana

Ferana ho dimy (5) ny isan'ny Mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana, ka toy izao avy no andraikiny:

- Filoha
- Filoha lefitra
- Mpitantsoratra
- Mpitahiry vola
- Mpanolotsaina.

And.24 - Fepetra momba ny Filankevi-pitantanana

Ny faharetan'ny fotoana iasan'ny Filankevi-pitantanana dia ferana ho . . . . . taona, mbola afaka milatsaka ho fidina anefa ny tsirairay amin'izy ireo mandritry ny fifidianana manaraka. Satria mpitondra izy ireo dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ireto :

- olom-pirenena malagasy
- manana zo isam-batan'olona eo anatrehan'ny Fanjakana, feno 21 taona
- tsy mbola voan'ny sazy manala zo ahazoana mitondra fikambanana.

Ankoatr'izany dia tsy azo fidina ireto manaraka ireto :

- Mpikambana nanao fanekena mikasika asa na raharaha hifanaovana amin'ny kôperativa
- tompon'andrikaitra voalohany amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana.

Ny fivoriambe dia afaka mandroaka ny iray na maromaro amin'ireo Mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana amin'ny alalan'ny latsabato miafina, ka ny antsasa-manilan'ny mpivory no manaiky vao manankery ny fandroahana.

And.25 - Ny andraikitry ny Filankevi-pitantanana

Ny Filankevi-pitantanana no rafi-pitondrana ny kôperativa. Noho izany, dia manana fahefana faran'izay malalaka izy ireo amin'ny fanatanterahana ny andraikiny indrindra mikasika ny :

- fitantanana ny raharahan'ny kôperativa araka izay notapahan'ny Fivoriambe;
- fanapahana vonjimaika ny fandraisana na fandroahana Mpikambana mandra-pivorian'ny Fivoriambe manaraka ;
- fampiharana ny sazy izay voalazan'ireo fitsipika ifampifehezana;
- fitantanana ireo mpiasan'ny kôperativa ;
- famolavolana isan-taona ny teti-bola izay aroso ho ankatoavin'ny Fivoriambe;
- fanolorana eo anatrehan'ny Fivoriambe ny tatitry ny asa natao sy ny vola
- famolavolana ny fitsipika anaty izay aroso ankatoavin'ny Fivoriambe ;
- fisoloantenan'ny kôperativa eo anatrehan'ny Fanjakana sy fikambanana na olon-kafa ifampiraharahana.

And.26 - Fepetra samihafa momba ny Filankevi-pitantanana

Mivory ny Filankevi-pitantanana isaky ny mitaky izany ny tombontsoan'ny kôperativa ary fara-faharatsiny isan-telo volana araka ny fiantsoan'ny Filoha. Afaka manapa-kevitra ny mpivory rehefa tonga ny 2/3 ny Mpikambana.

Raha tsy ampy isa ny Filankevi-pitantanana noho ny antony maro samihafa, dia azon'ny sisa atao ny mameno vonjimaika ny toerana banga. Izay voatendry anefa dia tsy maintsy ankatoavin'ny Fivoriambe manaraka, ary manapitra ny fe-potoana izay nosoloina raha nahazo fankatoavana.

And.27 - Fankatoavana ny kaontim-pitantanana

Ny Mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana, dia tsy afaka mandray anjara amin'ny fankatoavana, ny kaontim-pitantanan'ny kôperativa mandritra ny Fivoriambe natokana handinika sy handray fanapahan-kevitra mikasika izany.

And.28 - Tsy handraisan-karama ny asan'ny Filankevim-pitantanana

Tsy handraisan-karama ny asan'ny Filankevi-pitantanana. Azon'ny Mpikambana ao aminy atao ny mandray tambiny isaky ny fanatrehana fivoriana araka ny efa voasoritra ao amin'ny teti-bola nankatoavin'ny Fivoriambe.

Ankoatr'izany dia azon'izy ireo atao ny mampanonitra ny vola laniny tamin'ny fanaovana ny asan'ny kôperativa na koa mangataka tambin'asa noho ny fotoana laniny tamin'izany, nefa tsy mihoatra ny vola natokan'ny Fivoriambe ho amin'izany.

TOKO V
KAONTIM-PITANTANANA - FANARAHA-MASO

And.29 - Faharetan'ny taom-piasana

Herintaona no faharetan'ny taom-piasana iray, izany dia manomboka ny voalohan'ny volana janoary ary miafara ny 31 Desambra.

And.30 - Kaontim-pitantanana

Ny fitantanana ny kaontin'ny kôperativa dia natao amin'ny fomba namoraina. Isaky ny fiafaran'ny taom-piasana anefa ny Filankevi-pitantanana dia tsy maintsy mamoaka antontan-taratasy mikasika ny :

- fanisam-pananana
- kaontin'asa ankapobeny
- kaontin'ny tombontsoa sy ny fatiantoka.

Ankoatr'ireo antontan-taratasy voalaza ireo, ny Filankevim-pitantanana dia mbola mandroso ihany koa eo amin'ny Fivoriambe ny tetikasa sy tetibola ho amin'ny taona manaraka.

And.31 - Ny Vaomiera mpanara-maso

Ny Fivoriambe dia afaka manendry Mpikambana iray na maromaro ho mpanara-maso ny fitantanana mandritry ny herintaona azo havaozina.

Ny vaomiera mpanara-maso voafidy dia mifidy avy aminy, amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina, ny filohany, ny filoha lefiny ary ny mpampakateny.

And.32 - Ny asan'ny Vaomiera mpanara-maso

Izy ireo dia manana fahefana faran'izay malalaka mikasika ny :

- fanamarinana ny boky, ny kaonty, ny antontan-taratasim-bola ary ny volan'ny kôperativa
- fijerena ny maha-ara-dalàna ny fahamarinan'ny fanisam-pananana sy ny toe-pananana ary ny tatitra hataon'ny Filankevi-pitatanana.

Ny vaomiera mpanara-maso ny fitantanana dia tsy maintsy manao tatitra eo anatrehan'ny Fivorimbe vokatry ny asa fanamarinana izay nataony.

Raha mitombo ny velaran'ny asan'ny kôperativa dia azony atao ny manendry mpanamarina kaonty (commissaire aux comptes) izay mety ho olona ivelan'ny kôperativa ka ny fivoriambe no manendry azy.

And.33 - Fananganana karazam-baomiera

Ny Fivoriambe dia afaka manangana karazam-baomiera iandraikitra sokajin'asa araka izay heveriny fa ilaina.

Raha mitsangana ny vaomieran'ny vola, dia izy no miandraikitra ny asan'ny mpanara-maso ny fitantanana, araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-31 sy 32.

Ny fitsipika anaty no hamaritra ny fomba fiasan'ny vaomiera tsirairay.

And.34 - Fampiasana ny ambim-bava

Ny atao hoe ambim-bava dia ny sisa tavela rehefa ampifanalana ny vola miditra sy ny mivoaka nandritra ny taom-piasana iray.

Toy izao no fampiasana ny ambim-bava :

- 10% tahiry ara-dalàna

- 40% enti-mamokatra fananana iombonana toy ny fanorenana, fanatevenam-pitaovam-piasana na tahiry tsotra, sns…

- 50% apetraka eo anatrehan'ny Fivoriambe amin'izay heveriny fa ampiasaina azy araka ny soso-kevitry ny Filankevi-pitantanana.

TOKO VI

FEPETRA ISAN-KARAZANY

And.35 - Fitambarana na fivakisana

Ny fitambarana amin'ny Kôperativa iray hafa, na ny fivakisan'ny vondrona Kôperativa dia tapahan'ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

And.36 - Fifanolanana

Ny fifanolanana rehetra miseho eo amin'ny samy Mpikambana ao amin'ny kôperativa dia tsy maintsy mandalo fampihavanana alohan'ny hampiakarana ny raharaha amin'ny Fitsarana raha ilaina.

And.37 Fandravana ny Kôperativa

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana no antsoina hanapa-kevitra momba ny fandravana ny kôperativa.

Raha nankatoavina ny fandravana dia manendry mpamarana ny kaonty (liquidateur) iray na maromaro ny Fivoriambe tsy ara-potoana, araka izay voalaza ao amin'ny toko VII ny didim-panjakana fampiharana.

And.38 - Famindram-pananana

Raha misy ambiny ny vola teo am-pamaranana kaonty ka voaloa daholo ny trosa sy voaverina ny anjara biriky dia tsinjaraina amin'ny Mpikambana ny sisa tavela.

Natao teto, ...

Ny Mpikambana mpanorina,

Modelina lisitry ny mpikambana sy ny anjarabirikiny

Anaran'ny kôperativa ……			LISITRY NY MPIKAMBANA SY NY ANJARABIRIKY NAROTSANY				
N°	**Anarana sy fanampiny**	**Adiresy**	**Asa**	**Anjara Biriky**	**Isany**	**Fitambarany**	**N° sy datin'ny rosia**
1							
2							
3							
4							
5							
6							
7							
8							
9							
10							
11							
12							

Daty……

Ny Mpitantsoratra

Ny Filoha

Modelina lisitry ny Filan-kevi-pitantanana

LISITRY NY FILANKEVI-PITANTANANA

Anaran'ny Kôperativa
.....

Andraikitra	Anarana sy fanampiny	Kara-panondro	Asa	Fonenana	Sonia
Filoha					
Filoha lefitra					
Mpitantsoratra					
Mpitahiry vola					
Mpanolotsaina					

Daty.....

Ny Mpitantsoratra Ny Filoha

Modelina lisitry ny olona nanatrika ny Fivoriambem-panorenana

LISITRY NY MPIVORY

Anaran'ny kôperativa
……..

Anarana sy fanampiny	Asa	Adiresy	Sonia

Daty……

Ny Mpitantsoratra

Ny Filoha

Fangatahana nomerao statistika sy NIF ary “karatra mena”.

Aiza no alefa ny fangatahana?

- Eny amin’ny “Sampandraharahan’ny hetra” sy ny INSTAT na ny EDBM
- Telo andro aorian’ny fangatahana no azo ny nomerao

Inona avy no antontan-taratasy ilaina amin’izany?

- Fitsipika satan’ny kôperativa
- Misy saram-panoratana 20 000 Ar aloa rehefa eny amin’ny INSTAT.

4 Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa

4.1. Ny Fitsipika Anatiny

Inona no ilana ny Fitsipika Anatiny

- Mamaritra ny fampiharana ny Fitsipika Sata
- Manoritra ny fepetra entina manatomombana
  - ny fifampifehezana sy fifampitondrana ao anaty kôperativa
  - ary ny fitantanana ny kôperativa

Iza no mamolavola sy mandany ny Fitsipika Anatiny?

- Ny Filankevi-pitantanan'ny kôperativa no mamolavola azy.
- Ny Fivoriambe kosa no mandany sy mankato azy.

FITSIPIKA ANATINY

Izao fitsipika anatiny sy/na dina izao dia nifampidinihana sy lany eran'ny Mpikambana ao amin'ny kôperativa……., anatin'ny kaominina……., Faritra…….. tamin'ny Fivoriambe nataony ny ……. ……izay notarihan'Atoa/Rtoa ……Sekretera……

Andininy voalohany – Famaritana
And. 2 – Ny Mpikambana
And. **3 –** Ny anjarabiriky tsy maintsy aloa dia ny renivola napetraka teny am-panombohana.
And. 4 - Ny anjarabiriky faharoa dia ny vola natao hampandehanana ny raharaha, ka mety hiova arakaraky ny fivoriambe sy arakaraky ny filana.
And. 5 – Ny sandan'ny valin'asa na "jeton de présence" dia omena ny niasa rehefa nahavita ny fanamarinam-pahatongavana ary nanatanteraka ny asa. Ny sanda'ny valin'asa dia tsy miankina velively amin'ny sandan'ny renivola napetraka.
And.6 – Ny fizarana ny ambim-bava sy ny fatiantoka dia mitovy avokoa arakaraky ny renivola napetraka.
And. 7 – Ny tahiry atao fiandry araka ny lalàna dia ny 10% tombom-barotra, ary ny tahiry fiandry ho an'ny kôperativa dia ..... ny tombom-barotra.
And. 5 – Momba ny sazy ampiharina amin'ny Mpikambana, indrindra momba ny famarotanan'ny mpikambana ny vokatra amin'ny hafa fa tsy ao anaty kôperativa.
And. 6 – Ny sosialin'ny kôperativa (famangiana samihafa)
And. farany- Izao fitsipika anatiny sy/na dina izao dia manan-kery manomboka amin'ny vaninandro ahazoana ny fanamarinan'ny Ben'ny tanàna iankinana.

Natao teto ……, tamin'ny ……..

Ny Filohan'ny kôperativa

4 Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa

4.2. Ny maha-mpikambana anaty kôperativa

Inona avy ny Karatra na Fisy
tokony ananan'ny Mpikambana
mba hahatomombana ny fifampitondrana
ao anaty kôperativa,
indrindra fa eo amin'ny lafiny fifandraisana?

- Karatra maha-mpikambana azy
- Karatra mirakitra ny fandraisany anjara amin'ny maha-mpikambana azy
- Fisim-pahatongavana amin'ny fivoriana

KARATRY NY MPIKAMBANA

Sary Fitomboka	**Kôperativa Fototra** :…….. **N°**…….. **Vondrona Kôperativa**:…….....

Anarana sy fanampiny: ……
Daty sy toerana nahaterahana:……
Kara-panondro: :……..……
…… ……..
Adiresy: ……
Ray sy Reny niteraka:……..
Daty nidirana ho Mpikambana:……
Sahanasa: 1)……..……
2) ……..……

Sonian'ny Mpikambana

Sonian'ny Filohan'ny Kôperativa

Anarana sy fitomboka

FANDRAISAN'ANJARAN'NY MPIKAMBANA

KÔPERATIVA :
Anarana sy Fanampiny :
Sahanasa :
Adiresy:

Latsakemboka

Taona	Daty	Vola (Ar)	Sonian'ny tompon'andraikitra
20…			
20…			
20…			

Anjarabiriky

Taona	Daty	Karazana anjara biriky	Sandan'ny anjara biriky	Sonian'ny tompon'andraikitra
20…				
20…				
20…				

FISY FAMATSIANA MPIKAMBANA

Daty	Karazam-pamatsiana	Venty	Isany	Vidin'ny iray (Ar)	Vidiny (Ar)	Sonian'ny tompon' andraikitra

FISIM-BOKATRA

Daty	Karazam -bokatra	Venty	Isany	Vidin'ny iray (Ar)	Vidiny (Ar)	Sonian'ny tompon' andraikitra

FISY FAMERENAM-BOLA

Daty	Vidin'ny famatsia-na nindra-mina (Ar)	Vidim-bokatra niditra (Ar)	Fame-renam-bola (Ar)	Vola sisa have-rina (Ar)	Fe-potoa-na farany	Sonian' ny tom-pon'an-draikitra

4 Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa

4.3. Ny olona ampiasain'ny kôperativa

- Ny Filankevi-pitantanana dia afaka mampiditra mpikarama, na Mpikambana izy ireny na tsia.
- Fifanarahana arak'asa no mamatotra ny mpikarama amin'ny kôperativa.
- Adidin'ny kôperativa ny mandoa ny karaman'ny mpiasa ao aminy miaraka amin'ny fandoavana ny saran'ny fiahiana ara-tsôsialy momba azy, toy ny CNAPS.
- Omena azy ireny ihany koa ny zony amin'ny fialantsasatra iray andro sy tapany isam-bolana, izay tsy azo atao tambin-karama.
- Raha toa ka tsy mpikambana no mpiasa ao amin'ny kôperativa, dia azon'ny kôperativa atao ny mandrotsaka azy ho mpikambana mivantana rehefa feno ny roa taona niasany.

4 Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa

4.4. Ny komity mpanara-maso ny Fandaniana

- Inona no atao hoe komity mpanaramaso ny Fandaniana?

- Anisan'ireo komity maromaro ho fampandehanan-draharaha izay azon'ny kôperativa atsangana ny kômity mpanaramaso ny Fandaniana.
- Tendren'ny Fivoriambe mandritra ny herintaona ny mpanaramaso ny Fandaniana iray na maromaro.
- Tsy mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana ny Mpanaramaso ny Fandaminana.
- Ny kôperativa, arakaraka ny habetsaky ny asany, dia afaka miantso Mpanamarinkaonty izay natolotry ny Filankevi-Pitantanana ary

- Inona no asa sahanin'ny komity mpanaramaso ny Fandaniana?

- Manaramaso ny bokim-bola, ny kaonty sy ny taratasim-barotra ary ny kitapom-bola.
- Manamarina ny tatitry ny Filankevi-Pitantanana.
- Manao tatitra amin'ny Fivoriambe.
- Mampanao fanadihadiana momba ny toe-bolan'ny kôperativa.
- Tompon'andraikitra amin'ny tsy fandehanan-draharaha izay mety hanimba ny kôperativa ny mpanaramaso ny Fandaniana**.**

4 Ny fifampitondrana ao anaty kôperativa

4.5. Ny lafiny sosialy eo anivon'ny kôperativa

- Ahoana ny amin'ny volan'ny "mpisotro ronono" (retraite)?

  - Misy ny latsakemboka aloa isam-bolana eny amin'ny Sampandraharaha miahy ny ara-tsôsialy na ny CNAPS mba hitsinjovana ny fahanteran'ny mpikambana na ny mpiasan'ny kôperativa.
  - Sivy isan-jaton' ny karaman'ny mpiasa no vola aloa amin'izany.

- Ahoana ny amin'ny Tahiry sy Petra-bola?

  - Azon'ny mpikambana anaty kôperativa atao ihany koa ny mandrotsaka tahiry eny amin'ireo rafitra tahiry sy ifampisamborana,
  - ka 4,5%-n' ny vola isan-taona no zanabola azo amin'izany.

5 Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa

5.1. Ny loharanombolan'ny kôperativa

- Inona avy ny loharanom-bolan'ny kôperativa?

- Anjarabirikin'ny tsirairay eo am-pirotsahana ho mpikambana
- Anjarabiriky tsy maintsy atao (parts sociales obligatoires) amin'ny alalan'ny renivola na zavatra, araka ny tombana natao ao anatin'ny fitsipika sata.
- Latsakemboka
- Ny vokatry ny asan'ny kôperativa
- Tongoam-bidy (cession des biens)
- Fisamboram-bola
- Petra-bola misy sarany nifaneken'ny tompom-bola sy ny kôperativa rehefa nahazo ny fankatoavan'ny Filankevi-pitantanana.
- Zanabola nateraky ny renivola
- Fanampiana, fanomezana, tolotra, fanomezana fitaovana

5 Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa

5.2. Ny renivolan'ny kôperativa

- 200 000 Ariary ny renivola kely indrindra. Io renivola io dia afaka miovaova, saingy tsy tokony hidina ambanin'ny ampahaefan'ny renivola napetraka tany am-panombohana.
- Ny anjarabiriky kely indrindra dia tokony ho faritana any anatin'ny Fitsipika Sata.
- Tsy azon'ny Mpikambana iray atao ny mitana ny antsasaky (50%) ny renivolan'ny kôperativa.
- Ny Sata no mamaritra ny anjara vola efain'ny Mpikambana raha misy fisamboram-bola nataon'ny kôperativa ka misy ny tsy fahavitana ny trosa. Izany vola efaina izany dia tsy tokony hihoatra dimy avo henin'ny anjarabirikin'ny Mpikambana tsirairay avy.

Ny Fivoriambe no mametra ny tahan'ny zanabola ampiharina amin'ny anjarabirikin'ny mpikambanana. Tokony tsy hihoatra ny taha-pindramam-bolan'ny Banky Foibe miampy isa roa anefa izany.

Mitondra ny anaran'ny mpikambana tsirairay avy ny anjarabiriky ary tsy azo afindra amin'olon-kafa na amidy raha tsy mpandova ara-dàlana ihany.

5 Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa

5.3. Fitsinjarana ny ambimbava na ny fatiantoka

- Inona no atao hoe ambimbava?
  - Ny ambimbava (A) dia ny sisa tavela amin'ny volamaty (V) rehefa nesorina ny masonkarena (M), ny tahiry fiandry ara-dalàna (Ta) folo isan-jato (10%) sy ny tahiry fiandry (Tf) voalaza ao anatin'ny Fitsipika sata.

$$A_{mbibava} = V_{olamaty} - M_{asonkarena} - T_a - T_f$$

  - Ny mpikambana dia mandray ny vola sandan'ny asa nataony voafehin'ny Fitsipika sata. Ny ambiny no azo zaraina.
  - Raha misy ambimbava dia zaraina amin'ny Mpikambana ny ambiny rehefa tapaky ny Fivoriambe.
  - Raha fatiantoka kosa dia tsy misy fizarana mandra-pahafoana ny fatiantoka amin'ny taom-piasana manaraka.
  - Amin'ny faran'ny taom-piasana no itsinjarana ny ambim-bava na fatiantoka.

5 Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa

5.4. Ny fitanana kaonty

Ahoana no fomba fitanana kaonty?

- Raha latsaka na mitovy amin'ny 10.000.000 Ariary ny vola tantanin'ny Kôperativa dia azo atao ny fitantanana ny fitanana kaonty amin'ny fanehoana ny vola miditra sy mivoaka.
- Raha mihoatra ny 10.000.000 Ariary dia atao Fitanana kaonty araka ny Drafitra fitanana ny kaonty manankery. Zava-dehibe ny fitahirizana ny vola eny anivon'ny banky.
- Ny fitsipika sata no mamaritra ny sandam-bola tantanina eny anivon'ny kôperativa.
- Taratasim-bola no ampiasaina sy avezivezy mba ialana amin'ny fakam-panahy.

Olona manao ahoana no tsara atao mpitana kaonty?

- Olom-pirenena malagasy manana ny zon'ny isam-batan'olona eo anatrehan'ny fanjakana.
- Tsy mbola voan'ny sazy manala zo ahazoana mitondra fikambanana.
- Mahay mamaky teny sy manoratra ary mahay manao kajy.
- Tsy tia kolikoly, olona atokisan'ny kôperativa.

Inona avy no andraikitry ny mpitana kaonty?

- Mandray an-tsoratra ny fandaniana ny vola rehetra.
- Misahana ny vola miditra sy mivoaka miaraka amin'ny Mpitam-bola.

Ny kôperativa dia manana zo tsy handoa hetra mandritray ny telo taona eo am-panombohana.
Fa rehefa dila izany dia mandoa hetra amin'izay ny kôperativa ka IRNS (Impôts sur les Revenus Non Salariés) no aloa. Izany dia miankina amin'ny Didy manankery momba ny Hetra eto Madagasikara.

BOKIM-BOLAN'NY KOPERATIVA

Taona:..... Volana:.....

N° Kaonty	Daty	N°Rosia	Antony	Vola miditra	Vola mivoaka	Vola sisa

Ambim-bola androany faha .....:
(daty/volana/taona)

.....Ariary

Nohamarinin'ny:

Ny mpitahiry volan'ny kôperativa
(Sonia sy anarana)

Mpitantsoratry ny kôperativa
(Sonia sy anarana)

5 Ny fitantanana ny vola sy ny fitaovan'ny kôperativa

5.5. Ny fitantanana ny fitaovan'ny kôperativa

Anisan'ny antony iray lehibe iraisan'ny Mpikambana ao anaty kôperativa ny fahafahana mampiasa ny fitaovan'ny kôperativa.

- Noho izany dia tokony hisy paikadim-pitantanana hentitra ahazoana misoroka mialoha ny fifanolanana.
- Ny tsara indrindra dia ny mandrakitra an-tsoratra
  - ny fitaovana rehetra ananan'ny kôperativa,
  - sy ny famoahana ny fitaovan'ny kôperativa

Fananana iombonan'ny kôperativa ny tanim-panjakana sy ny tranom-panjakana ampiasainy ka tsy azo amidy na zaraina ho fananan'ny Mpikambana.

Modelina boky mirakitra ny fitaovan'ny kôperativa

BOKIM-PITAOVANA

Anaran'ny kôperativa
.....

Anaran'ny fitaovana	Mariky ny fitaovana	N°famantarana	Isany

Modelina bokim-pitantanana ny fitaovan'ny kôperativa (cahier de transmission)

CAHIER DE TRANSMISSION

Anaran'ny kôperativa
.....

N°	Daty	Famoahana fitaovana			Famerenana fitaovana			Sonia
		Anarana	fitaovana	toetra	Anarana	Fitaovana	toetra	

6 Ny fampivondronana kôperativa

Afaka mivondrona ny kôperativa manana anton'asa mitovy na mifameno, araka ny fomba fiteny hoe "izay mitambatra vato".

Inona no atao hoe Vondrona?

- Afaka manambatra ny tombodahiny sy ny heriny ny kôperativa maromaro, roa farafahakeliny.
- Vondrona (Union) no iantsoana ny fivondronan'ny kôperativa fototra (roa na mihoatra) amin'izany.
- Ny Fivoriambe tsy ara-potoana no mankato (na tsia) ny fampivondronana kôperativa.

Inona no atao hoe Federasiona?

- Vondrona roa na maromaro no mitambatra ho Federasiona.
- Afaka miditra mivantana ao amin'ny Federasiona ny kôperativa tsy afaka miditra amin'ny Vondrona.
- Federasiona maromaro kosa no mivondrona anatin'ny Vovonana (Confédération).

Inona no andraikitra sahanin'ny Federasiona?

- Ny Federasiona no misahana ny asa ara-barotra sy ara-toekarena ary misolotena sy miaro ny tombontsoa iombonana.
- Ny Fitsipika satan'ny Vondrona sy ny Federasiona no mamaritra ankapobeny ny fisoloantena sy fiarovana ny tombontsoan'ny Mpikambana eo ambany fiahiany.

Inona no andraikitra sahanin'ny Vovonana?

- Misolotena eo amin'ny fifampiresahana amin'ny manam-pahefana sy amin'ny mpiombon'antoka hafa eo amin'ny sehatra nasionaly.
- Mametraka sy manaparitaka ny antontan'isa mikasika ny kôperativa.
- Mandalina ny fivoaran'ny hetsika kôperativa.
- Mamolavola tolo-kevitra momba ny politikam-pirenena ampandrosoana ny kôperativa.
- Mamolavola tolo-kevitra momba ny fanovàna na fanitsiana ny didy aman-dalàna mikasika ny kôperativa.
- Mametraka isan-taona ny lisitry ny Vaomieran'ny Fampihavanana, ka ny Vondrona sy ny Federasiona no manao ny tolo-kevitra.
- Misolotena ny hetsika kôperativa eo amin'ny sehatra rezionaly sy iraisam-pirenena.

Ny Vovonana irery ihany no rafitra mahasolo tena eo anivon'ny firenena. Ny Fitsipika satan'ny Vovonana no mamaritra ny foto-kevi-dehibeny, ny fampandehanan-draharahany sy ny fombafomba rehetra fanendrena ny solontenan'ny Federasiona.

Ny Fivoriamben'ny Vondrona, na Federasiona na Vovonana, dia ahitana ny solontenan'ny Mpikamban'ny kôperativa.

Toy izao no firafitry ny fampivondronana kôperativa manana anton'asa mitovy na mifameno:



Ny kôperativa samy hafa anton'asa dia afaka mivondrona ihany koa!

- "Vondrona mpiray tombontsoa samy kôperativa" (groupement d'intérêt inter-coopératif) no iantsoana ny fivondronan'ny kôperativa roa na maromaro amin'izany.

Inona no tanjona amin'izany?

- Ny tanjona dia ny mba hisian'ny firotsahana bebe kokoa,
- sy hampiroboroboana ny fifamenoana,
- ny fahombiazana
- ary ny fiaraha-miasa.

Ahoana no fomba fanorenana izany fivondronana kôperativa izany?

- Amin'ny alalan'ny fifanarahana ataon'ny kôperativa te-hikambana no anorenana ny "Vondrona mpiray tombontsoa samy kôperativa",
- Mifanaraka amin'ny didy aman-dalàna mifehy ny sehatra tsy miankina io fifanarahana io
- no sady mamaritra ny tanjona sy ny faharetany ihany koa
- ary ny fombafomba fampandehanan-draharaha ao aminy.

Fanafohizan-teny

ADRA	Adventist Development and Relief Agency
BIF	Birao Ifoton'ny Fananan-tany
CNAPS	Caisse Nationale de Prévoyance Sociale
CSA	Centre de Services Agricoles
DRDR	Direction Régionale du Développement Rural
EDBM	Economic Development Board of Madagascar
FEKRITAMA	Federasionan'ny Kristianina Tantsaha Malagasy
FTM/CPM	Firaisankinan'ny Tantsaha eto Madagasikara Coalition Paysannne de Madagascar
FTMTK	Fivondronan'ny Tanora Malagasy Tantsaha Katolika
GTDR	Groupement des Travailleurs pour le Développement Rural
INSTAT	Institut National de la Statistique
NIF	Numéro d'Identité Fiscale
ONE	Office Nationale de l'Environnement
OPF	Organisation Paysanne Faîtière
OTIV	Ombona Tahiry Ifampisamborana Vola
PGDRN	Programme de Gestion Durable des Ressources Naturelles
PROSPERER	Programme de Soutien aux Pôles de Micro-Entreprises Rurales et aux Economies Régionales de Madagascar
RAFA	Rano sy Fampandrosoana
SAHA	Sahan'Asa Hampandrosoana ny eny Ambanivohitra
TITEM	Tahiry Ifampisamboran'ny Tantsaha eto Madagasikara
VOI	Vondron'Olona Ifotony